MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL
SESSION 2013

CD

Série : C-D

Code matière : 005

Epreuve de : MALAGASY
Durée : 03 heures 30minutes
Coefficient : 3

**LAZA ADINA I:** TSY MAINTSY ATAO **(Isa 6)**

1- Milazà karazan-kery telo (03) inoan'ny Malagasy fa mifaningotra amin'ny zotram-piainany. **(isa 3)**

2- Milazà lohahevitra telo hita taratra amin'ny boky « Vakivakim-piainana » nosoratan'i Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. **(isa 3)**

**LAZA ADINA II**: ISAFIDIANANA NY A sy B **(isa 14)**

A- FAMAKAFAKAN-KEVITRA

Hoy ity mpandinika iray : "Toa mila tsy hino ny tody intsony ny olona, satria botrabotra ny mpanao ratsy ary saozanina ny mpandàla ny rariny."

Fakafakao.

B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA

- Loza anie, ry Mino no nafitsok'Ingahy Aziz ahy. Nanalany dimanjato ariary be izao ny karamako, ho vidin'ny kafe sotroiko isa-maraina, hono ! Ary dia efa fombany amin'ny mpiambina rebetra izany. Haratsiam-panahin'izay olona re izany !
- Atao ahoana re, ry Tsiry a ! Ny fon'ny mpanam-bola tsy mitepotepo fiantrana.
- Ka tsy izay fiantrany anie no ilaiko fa ny tokony ho ahy ! Tsy mangataka aminy aho fa mitaky ny anjarako.
- Ka ny anjaran'ny mahantra anie dia izay atolotry ny mpanana azy ihany e !
- Dia inona ny fahamarinana amin'izany ?
- An'Andriamanitra ny Fahamarinana fa an'ny Vola ny rariny eto an-tany. Mampalahelo izany, saingy araka ny hitako, dia izay no zava-misy. Ny tompon'ny fahefana eto an-tany dia ny firenena manan-karena,... ny olona manan-karena. Ary io fahefany io no ajorony ho Rariny. Ny "rariny" kosa indray no ifotoran'ny "mariny". Ary ny "mariny" no atao hoe : marina. Ny ankoatr'izay dia tsy izy na raha "izy" tsy misy lanjany akory !
- Mahantra isika mahantra, ry Mino !

I.P. ANDRIAMANGATIANA, Vakivakim-piainana, tak. 45

Hadihadio io lahatsoratra io.